

NY 29 MARSÀ 47
TARAFINA AMIN'NY ASA SORATRA MALAGASY

nosoratan'i

RAVALITERA RABENALISOA Jean

Ny mpanoratra no fanahin'ny fiarahamonina. Ny vetsoetsom-pon'ny mpiara-belona aminy, ny hetahetam-panahiny no raketiny an-tsoratra. Aseho amin'ny asa soratra ny niainan'ny Malagasy ny 29 marsa 1947. Maro ireo asa soratra mirakitra iny vanim-potoana mifamatotra amin'ny tantaran'i Madagasikara iny. Misy ireo mpanoratra manantitra fa tantara marina tsy misy lainga no soratany. Ao kosa ireo milaza fa tantara noforonina ihany no atolony, ka tsy tompon'andraikitra amin'ny fifandrian-javatra mety hitranga izy. Rehefa aravona anefa ireo sokajy roa ireo, dia isy ireo hevitra iombonany ary miverimberina etsy sy eroa. Tarafina amin'ireny ny zava-miafin'ny 29 marsa 1947 ary atolotra ho anjara biriky amin'ny fikarohana izay marina momba izany. Tantara noforonina, na tantara tsotra azaina fa tena nisy miisa 15 no nanompanana ny fikarohana.

29 marsa 1947



Io daty io no voarakitra mazava fa nipoahan'ity raharaha ity. Tsy io andro ihany anefa no horesahina, fa ny talohany sy ny tafarany manodidina izany ka mifandray aminy.

Voalazan'i Harisoa Albert ao amin'ny bokiny, *Antomboka 47*, fa nisy taratasy manambara fa ny 3 aprily 1947 no voatondron'ny mpitondra fanjakana frantsay hanapotehana tanteraka ny MDRM araka ny tenimidina. Koa ny 29 marsa 1947, dimy andro mialoha io andro voalaza io no nitranga iny fisehoan-javatra iny. Vava adaoro amin'ny volana alakarabo. Tsinan-kerinandro io, miaka-bolana. — Andro tsara fanaovan-draharaha lehibe. Ny Adalo, vintandrano ary ny Alakarabo, volana mamokatra. Fifandrian-javatra va sa tena voahevitra ?

I. Ny niantsoana an'io 29 marsa 1947 io

TABATABA no nanambaran'ny panoratra maro azy. "Inona hono izany TABATABA tany Moramanga izany?", hoy ny tao amin'ny boky *Fofombadiko*, tak. 52, nosoratan'i E.D. Andriamalala

"I Commissaire Thieux nampanao sonia fa ireo solombavam-bahoaka telo lahy no nitarika ity TABATABA ty" (jereo Harisoa Albert, *Antomboka* 47). Ampiasain'i Andry Andraina koa izany ao amin'ny bokiny *Mitaraina ny Tany*. "Natao hoe FIKOMIANA ity fihetsehana ity. Ny tena izy anefa dia FANOHERANA ireo fihetsika feno hafetsena handringanana ny tia tanindrazana Malagasy", hoy ihany i Harisoa Albert ao amin'ny tak. 3.

Ho an-dRatsiatsilahy kosa ao amin'ny *Ravina Maitso* izay ilazany fa "Ny marina ho toy ny ravina maitso" (Ohabolana 11, and. 28) dia mibaribary ny boe "Andro maizina teto Madagasikara. Andro manjombona sy mahafeno tebiteby ary tanahiana tokoa. Ny antoandro toa tsy ho hariva ary ny alina toa tsy ho marama. Nangidy ny vary am-bava. Maina ny rano an-tenda, ka fahafatesana no nampoizina isa-minitra.

Raha ny teto Alaotra, "Nikomiana izy fa tsy nikomy. Natao fahavalo izy fa tsy fahavalo. Nampijahana sy novonoina fa tsy nampijaly sy namono. Nosamborina fa tsy nisambotra. Nobaboina izy fa tsy namabo". Mihalohalo eny an-tsefatsefaky ny soratra eny koa fa fihantsiana iny raharahan'ny 29 marsa 1947 iny.

II. Ireo toerana nafanafana tamin'ny 29 marsa 1947

Antananarivo no anambaran'ny tantara fa atidoha nikotrika ny zavadrehetra. Misy drafitra maty paika nihitsy ambaran'i Harisoa Albert ao amin'ny *Antomboka* 47, tak. 20-21 :

- "0 heure na misasakalina : fanafihana ireo lapa 10 eto Diégo
- 2 ora : efa lasa i Manakara sy Moramanga
- 4 ora : tsy tonga ny baikon'Antananarivo.

Moramanga sy Ambatondrazaka, izany hoe ireo tanàn-dehibe lalovan'ny fiaran-dalamby. Ireo atiala toa an'i Didy, Anosibe an'Ala, ny morontsirak'i Toamasina no tantaraina ao amin'ny *Mitaraina ny Tany*, nosoratan'i Andry Andraina, ny *Fofombadiko* an'i E.D. Andriamalala, ny *Tahirin'Autsihanak'i* Patrice Samuel Ralaitafika, sy *Gologota* 47 na *Vagaon'i Moramanga* nosoratan'i Cap Ralijaona. Manakara, Mananjary sy iny morontsiraka atsimo atsinanana rehetra iny no voalazan'i Koko Jean Marie ao amin'ny boky *Tsiahy* fa nisehoan-javatra maro. Manamafy izany koa i Ramidika mitantara an'Ilay *Jeneraly tsy mety maty*. Antomboka na Diégo-Suarez sy iny morontsiraka avaratra andrefana iny kosa no sehatry ny tantaran'i Harisoa Albert ao amin'ny *Antomboka* 47, sy ny *Zavaniafin'ny* 47 nosoratan'i Rakotomavo Joelson. Raha aravona dia ny ala

atsinanana rehetra iny, ary ireo toeram-pamokarana namatsy vokatra ho an'i La Frantsa tamin'ny ady lehibe.

III. Ny antony

Maro ny antony. Ao ny mivantana, ao ny an-kolaka.

1. Tsy tanty intsony

Ireo toerana voatanisa ireo dia niharan'ny fanompoana sy ny tsindry hazolena nandritra ny fotoana naharitra, indrindra tamin'ny ady lehibe faharoa. Hoy indrindra Randriantsilahy sy Andry Andraina.

Tao ny Karamanga. Ny folo andro tonga telopolo andro. Ny Baositady : ny bao hilaniana, ny tady hamehezana entana. Mpilanja sy mpitondra entana no miantoka fitaterana. Ny rekizisiona, asa an-terisetra sy terivozona. Ny fanandevozana ny zaza tsy ampy taona, ny fandrobanpananana tamin'ny alalan'ny Fonds d'Armements, ny Office de riz nahamaro vava ny mponina, ny famotriam-bahoaka tamin'ny Koperativa Nadala (nanararaotra ny tsy fisian-damba, vary, sira, siramamy, savony...), ny fanjakazakan'ireo citoyens frantsay ; ohatra : zatovovavy ato Ambandrika mampanondraka ny kisoany amin'ny volon'olona, ny miaramilan-tetra na miaramilam-potaka (ny mpampiasa malagasy nanjary nanan-karena tampoka).

Hoy indrindra i Koko Jean Marie ao amin'ny *Tsiahy* :

tak. 25 : "Tety aminay Midongy dia mbola tsaroako tsara fa nisy lehilahy nifanena tamin'ny Administrateur Robert Wagner teny an-dàlana tao Mahamasy. Tsy nanao bezoro azy ralehilahy ka teo noho eo dia nampisamboriny ary naiditra am-ponja ary notànana nandritra ny dimy andro".

tak. 26 : "Nisy zazavavy mpianatra tsara tarehy tao Andranolalina nasainy nalaina ary nampalahelo fa dia ny mpampianatra no notereny haka an'ilay zazavavy ho azy".

tak. 27 : "Misy ny antsoina hoe Beronono : fanompoana manangona ronono ho an'ny mpitondra vazaha sy ny mpiray petsapetsa aminy. Terena ny manana omby hiantoka ny ronono rehetra ilain'ny vazaha ary tsy omena na dia variraiventy aza ho vidin'ny ronono".

tak. 33 : "Ny foko Antevaty dia mifady amalona... Indray andro dia novorian'i Simonet (Chef District) ny lehiben'ny garde indigène Ndremihary Gilbert sy Antevato, nasainy nilanja amalona i Rana, mpanjakan'ny Antevato ary nasainy nitari-dàlana ka nampalahelo ny nahita ny Antevato marobe nitanjozotra niakatra tany amin'ny Résidence nitondra amalona... Io no fanalana baraka tena marina nahazo ny foko Antevato".

Ireo voatanisa ireo no santionan'ny zavatra tsy tantin'ny Malagasy. Niandry fotoana hipoahany ny hatezerana sy ny valifaty.

2. Ny fampizarazarana ny Malagasy

- Nisy ireo Malagasy nahazo tombon-jo manokana noho ny maha vazaha taratasy azy. Ireny no manjakazaka manaoatra noho ny mpanjanatany. Ireo mpiadidy sy notable no latabatra, fiasana teo am-pelatanan'ny mpitondra fanjakana sy ny voanjo. Izy ireny koa dia nanararaotra hahazoana tombon-tsoa (jereo *Mitaraina ny Tany*). Misy ireo antsoina hoe Kintana Fito, anarana nomen'ny Malagasy ireo olona mpisolelaka izay mamely ny mpiray ra sy mpiray tanindrazana aminy (jereo *Ravina maitso*). Tsinjon'ny mpanjanatany ny fiarahamiantan'ny Gasy, notarihin'ireo depiote Ravoahangy, Raseta izay ambaniandro. Nampifandrafesiny aloha ny Tanivo sy ny Tanindrana. Tsy nahomby io. Voalazan'i Harisoa Albert ao amin'ny *Antomboka* 47, tak. 16 fa amin'ny fivorian'ny tia tanindrazana MDRM dia ahitana solontenan'ny foko 18 samihata. Araka ny voalazan'ny mpanoratra dia izany no anisan'ny antony nanorenana ny PADESM na Parti des Dëshérités Malgaches.

Hoy i Koko Jean Marie ao amin'ny *Tsiahy*, tak. 33 mitantara ny nambaran'ny lehiben'ny Distrika : "Raha toa ianareo mifidy an-dRavoahangy dia hanompo ny Ambaniandro". Dia namaly Rabotoraozy : "Raha hanompo ihany dia aleonay lavitra manompo anay sany Gasy toy izay hanompo anareo satria izao ny fatin'ny zanakay any andafy tsy hitanay akory noho ny fanompoana anareo ary koa tsy mifanandevy izahay sany Gasy. Izahay Antemoro dia betsaka no niara-nitondra tamin'ny mpanjakan'Antananarivo ary mbola manan-taranaka any ankehitriny. Tsy nandevozina izy ireny fa niara-nitondra taminy (...)"

4. Ny rivo-panafahana sy ny fitiavan-tanindrazana

Vao tapitra ny Ady Lehibe faharoa, madio ny rivotra niainana fa tsy nisy tebiteby. Toa afa-patorana izany ny olona. Hita taratra ao amin'ny *Mitaraina ny Tany* izany. Ireo miaramila toa an-dry Feno sy Donga avy Voavy dia nahatsapa izany ary fantany tsara ny rivo-panafahana eran-tany. Hoy koa i E.D. Andriamalala ao amin'ny *Fofombadiko*, tak. 85 : "Ny Ile de France no nitondra ireo miaramila malagasy nody avy tany Frantsa... Vatan-dehilahy mahery voatafy aradàlana sy mbola nafanafanan'ny fandresena vao azo... Na tsy manam-piadiana aza izy ireo, raha misy faniriana hikomy dia izay no fotoana fanararaotra tsy hiverina intsony mandrakizay (...)"

Niredareda tao am-po ny fitiavan-tanindrazana. Hatraiza hatraiza io, na lahy na vavy.

Hita ao amin'ny *Tsiahy* nosoratan'i Koko Jean Marie, tak. 97 ny hoe : "Vehivavy betsileo Ratsarasoavolo no nanainga ny valhoaka hoe : "Omeo anay vehivavy ny salakanareo raha tsy hiady hiaro ny tanindrazana masina ianareo lehilahy".

1. Ireo miaramila menavazana

Hita ao amin'ny *Mitaraina ny Tany* (Andry Andraina), tak. 137 : ny Ady lehibe faharoa no nampifoha ny fitiava-tanindrazana sy ny hetahetam-pahafahana tamin'ny miaramila gasy... Mingingononona ny miaramila frantsay tamin'ny nandresen'ny Alemana azy :

"Tss.. Ny Alemana, tsy ny herim-po no ampiasainy fa masinina sy fiara ! Iza vo resin'ireo raha miaramila sany miaramila izao no mifampitana ! Tratra sy sandry ce hahatohitra fiara mpananika ?".

I Voavy tsy mifidy teny avoaka no nahita ilay setrin'ilay fitenenana : "Te hanao malaky teraka... *Be sandry aho be sandry. Hay petsa pataloha relifa sendran'ny matanjaka. Raha manielly ny Gasy ialahy tsy misy tratra sy sandry izany, ka nony asian'ny olona, masinina aho e ! fiara aho e ! (...)*". "Tamin'ny fotoanan'ny ady iny no nisehoany fa maromaro ihany ny zavatra tsy dia mendrika ataon'ny Frantsay amin'ny maha-firenena miady azy : ny nandaozany ny tafika anglisy niaraka tamin'ny ka nahatonga an'ireo tena latsaka an-katerena mihitsy, ny nangatahany ny fitsaharan'ny ady tsy niraisana, ny nanekeny nony avy eo hifarimbona tanteraka amin'ny Alemana". Mbola ao amin'io boky io ihany no ahitana fa saika ny miaramila menavazana no tompon'ny tetika ara-panafihana rehetra.

Izao kosa no hita ao amin'ny Ramidika, *Ilay Jenerally tsy mety maty* : "Ilay 12e bataillon malaza, nampanantenaina nandraisana mafana... kanjo... Izany fandraisana feno fangatsiahina izany no naha-tapa-kevitra ireo Mahery fo malagasy nanao ny ainy tsy ho zavatra hanavotana an'i Frantsa teo ampelatanan'ny fahavalo hanao velirano fa i Frantsa, tanindrazan'olona nanaovantsika mandatehezana ny aintsika mba hanavotana azy teo ampelatanan'ny fahavalo, mainka fa i Madagasikara tanindrazantsika. Hiray hina isika hanafaka koa ity Nosy malalantsika ity eo ampelatanan'ny Mpanjanatany mpanjakazaka an-tanin'olona".

tak. 7 : "Teo no nampirehitra ny afom-pitiavana tsy mety vonoina tao ampoin'ny miaramila menavazana sy tia tanindrazana manerana ny Nosy ka nanohizana ny tolona efa natomboky ny menalamba ka notohizan'ny V.V.S."

Marobe ireo miaramila voatanisa anarana ao amin'ny tantara. Nisy ireo nitana ny giradiny hatrany, toa an-dry Kaporaly Kotavy ao amin'ny boky *Tsiahy*. Mahay mitifitra tokoa. tak. 14 : "Miaramila tao amin'ny tafika frantsay. Amparijy atsimo no fiaviany. Noho ny fahitany ny tsy rariny nataon'ireo miaramila frantsay mpampandry tany ireo dia tapa-kevitra izy sy ny miaramila vitsivitsy

niaraka taminy hitsoaka an-daharana hanohitra". Kana, komandirin'ny faritra rehetra avaratry ny lalamby FCE, Rangobiby, tireur d'élite, tak. 70. Benja Delbert sy Marolahy no mpanao fitaovam-piadiana (FTP). Afokasoka sy karazan'arina no nanaovana vanja ary firaka sy varahina no nanaovana bala tokana.

Maromaro ireo anarana voalaza fa jeneralin'ny tafika malagasy : Jeneraly Fela, zafin'i Ndrempanoha ; Jeneraly Monjabe sy Tongamandy ; Jeneraly Tosaka ; Jeneraly Velojaonina ; Jeneraly Romely tao Moramanga (Frantsay dia naka ny anaran'ilay jeneraly alemana) ; Jeneraly Lahimena, Jeneraly Ramidika.

2. Ireo manam-pahaizana tia tanindrazana

Voafetra moa ny fari-pahaizana norantovin'ny Malagasy ka ny Dokotera no anisan'ny manam-pahaizana malagasy. Tia tanindrazana ireny ary mpitari-tolona, ohatra Dr Ravoahangy, Dr Raseta, Dr Raveloariseheno, Dr Rasamoely Lala, Dr Rahevivo-Ramamonjy. Ao amin'ny literatiora dia soloan'i Dr Raharo tena izy ireny ao amin'ny boky *Fofombadiko*, nosoratan'i E.D. Andriamalala.

Tsy ny dokotera ihany fa ao koa ny mpitandrina sy ny mpampianatra (jereo Randriatsilahy ao amin'ny *Ravina Maitso*) na Ramose ao amin'ny *Mitaraina ny Tany*.

3. Ny fitakiana ny Fahaleovantena

- NY MDRM

Saika voatonona foana ao amin'ireo boky voatanisa ny anjara noraisin'ny MDRM tamin'ny fitakiana ny fahaleovantena. Tao ny fifidianana depiote sy ny nahalany an-dry Raseta, Ravoahangy ary Rabemananjara. Saika nandrakotra an'i Madagasikara ity Antoko ity ary nazoto nitety faritany izy ireo nampielany ny hevitra. Niroborobo ery ity Antoko ity. Ny volana may 46 no nisy fitsidihan'ny MDRM tany Ambatondrazaka. Teo amin'ny lapilasin'Ambatondrazaka Ravoahangy no niteny hoe : 'Hatramin'ny farafofonaiko eo am-bavaoroko no fetra hanompoako an'i Madagasikara" (jereo *Ravina Maitso*, Randriatsilahy).

Hita isam-bohitra mihitsy no nisy sampana MDRM tany amin'ny faritra Ambatondrazaka. Antokon-dRavoahangy no fahalalan'ny olona azy (jereo *Mitaraina ny Tany*, tak. 197) : "Soraty, deremo izahay" ... "Ahoana no fidirana amin'ny antokon-dRavoahangy". Be ny nirotsaka. Be ny nirona am-po. Nisotro ny aleoko maty ny olona. Zahao ny voalazan'i Koko Jean Marie ao amin'ny *Tsiahy*, tak. 123. Vehivavy antsoina hoe Ravao marguerite no nanambara hoe : "Novonoin'ny fahavalo sy ny Padesm mpiray tsikombakomba aminy ny vadiko satria MDRM. MDRM mandra-pahafatiko aho na inon-kidona na inon-kihatra. Ary izay hihafaranareo no hiafarako koa".

Hoy ny hita ao amin'ny *Mitaraina ny Tany*, tak. 201 : "Ny fanjanahantany no tena fahavalo be hiadiana. hiadiana koa anefa ny rafitra natsangany sy ireo olona rehetra manampy azy ka mampahory vahoaka".

- Ny teny hery sy ny fifandresen-dahatra

Manana anjara toerana lehibe tokoa ny teny. Manana ny lanjany koa izy amin'ny fiarahamonina malagasy izay manome lanja ny literatiora am-bava. Ny voasoratra ao amin'ny *Ravina Maitso*, nosoratan-dRandriatsilahy no ohatra hanamarina izany : "Raha misy aminareo tsy mbola ao anatiny ka te-hiditra dia izay sahy lelafin'ny amboa hatoka ihany no mirotsaka satria fanjakana matanjaka no manangam-bovona hanao izay tsy hahitan'ny Malagasy ny anjara masoandrony eto amin'ny taniny". Noraisin'i D. Radanielina, prezidan'ny MDRM Ambatondrazaka, ny mananasy ngezabe iray dia hoy izy : "Sahala amin'ity mananasy ity i Madagasikara. Manana ny nofony mahavelona sy ny tsirony many iainan'ny Malagasy sy hivokisany fiadanana aman-pahasambarana izay noharian-Janahary ho azy. Kanefa dia saronan'ny Vahiny mivolon-ko tompony amin'ny hoditra matevin'ny lalàna ampiharina an-keriny izay mampahazo vahana ireo kolao ireo. Voatendry isika hanala izany hoditra matevin'ny lalàna ampiharina. Ary toy ity antsy fotsy ity isika, izay tsy maintsy mitsofoka, tsy maintsy manetra izany lalàna sy hery mahatsiravina izany isika mba ho Malagasy madiodio ny tompony.

Ny fanahin'ny firenena no manesika antsika, toa an'ity antsy ity asesiky ny tanantsika hanala ny hoditr'ity mananasy ity. Rehefa voavaofy ny mananasy dia notetehina madinika dia nozaraina samy nihinana taminy".

Tsodranon'ny ray : "Mahaleova mahalasana anaka. Lehilahy ianareo... hanavotra tanindrazana. Foiko tongotra amin-tànana ka na dia tonga aza ny tsy mety ka ahafatesanao dia faty am-banahitra ny ka tsy hisaonako akory".

- Ny fihantsiana

Hita ao amin'ny boky *Antomboka 47*, nosoratan'i Harisoa Albert ny hoe : "Nisy tetika handringanana ny MDRM ny faha-telo volana Avril Telegrama : "Supprimez les MDRM à n'importe quel moyen", tak. 16 : "Nanana Espion any amin'ny PADESM ny MDRM. Haringana ny MDRM min'ny 3 avril". 5 marsa tamin'izay. Nanomboka teo dia be ny fihantsiana :

tak. 10 : "Tokony tsy ho dimampolo metatra tsy hidiranay ny tanàna dia tazanay ireo vehivavy nanemitra ny arabe teo andaniny roa. Noheverinay olona hirary ny fahatongavanay ireo, kanjo... loza. Zavatra mahavoafady no niandry any. Rehefa niditra an-tanàna izahay ka nandalo teo afovoan'ireo vehivavy PADESM ireo, dia nisy zava-mahagaga (coup de théâtre). Niaraka nitodika

niamboho izy rehetra dia nanainga ny lambany ary indray niongana ka ny vodini'ireo no natondrony tany aminay. Zavatra efa nomanina mihitsy ho fiarahabana anay. Nisy provocation mihitsy. Alphonse Vavihely, nanompa, nanongana ny député teo anatrehan'ny Administrateur Taillardat. Nanangana carnet ny PADESM nahazoana nivity zavatra eo amin'ny fiainana. Nisy ny lamba. Tsy azo malalaka. Nalahatra araka ny abidy ny carnet ABCD. Rehefa tonga eo amin'ny R..., lany ny lamba".

Tany Antsihanaka, araka ny voalaza ao amin'ny *Ravina Maitso*, dia i Père Tegull, mpitondra fivavahana frantsay no miteny hoe : "Ity no Andriamanitrareo, hoy izy mantsy ny basy, vonoin'ity ianareo dia maty, velominy dia velona". Dokotera iray isan'ny kintana fito no namaly kabary an'i Pierre de Chevigné : "Ho fongotro mbamin'ny taranany tsy hisy amin'ity tany ity anie ny MDRM".

Voalazan-dRandriakoto André indray kosa fa tsy vagaon'i Moramanga no tokony ho izy fa Vagaon'Ambatondrazaka : "Namosa-kevitra teo amin'ny fivoriana i Lesevo (Le Chevanton) (satria feno hipoka ny tranomaizina kanefa ny hosamborina mbola betsaka) fa hasiana "vonji-taitra" fanairana amin'ny alina anankiray ka hivoaka ny vatan-dehilahy hanao ny adidiny. Hisy ny fifampitifirna ka amin'izay angaredona izay no hanapoahana ny fonja ka ho faty ny mpigadra MDRM. Dia holazaina amin'ny vahoaka fa ny naman'ireo gadre ireo ihany no tonga hanafaka azy ka izany no nahatonga ny miaramilam-panjakana hitifitra. Tsy nanaiky an'io Dr Simon Marc, Médecin-Inspecteur (protestanta izy). Niova hevitra i Lesevo dia niresaka an-telefonina tamin'ireo manam-pahefana tany Moramanga. Dia iny nisy ny Vagao Moramanga iny izay Vagaon'ambatondrazaka no tokony ho izy satria niainga avy any Ambatondrazaka". Araka ireo rehetra ireo, dia tsy maintsy hipoaka na ho ela na ho haingana ny fifandonana.

V. Ireo hery mifanandrina

Ireo Malagasy ela niforetana nentanim-pitiava-tanindrazana notarihin'ny MDRM : tao ireo mpikambana, tao ireo nirona fo. Hita ao amin'ny *Mitaraina ny Tany* ny resaka nifanaovan'i Donga tamin'i Feno, tak. 196 : "*Fantatro ankehitriny fa misy zavatra mikotrika ao anaty ala ao. Hatrany amin'ny faritra avaratra ka hatrany amin'ny faritra atsimo, miova fihetsika sy miova fiainana ny ala atsinanana rehetra. Misy iraka mandehandeha mitety tanàna any anaty ala any. Misy fivoriana mangina tsy fantatra antony avy. Amin'ny volitra maro, mihamahazo vahana ny mpisikidy sy ny mpimasy. Hitombo hatraiza hatraiza ny fanaovana joro na fivavahana amin'ny razana"*.

1. Ny Tafika malagasy

Manana ny lamina sy ny rindran'ny ary misy tetika maty paika : lefona, langilangy ary basim-borona vitsivitsy norobaina tamin'ny Vazaha no fitaovana.

- Ny finoana ny fanampian'ny namana vahiny, ohatra ny Amerikana (zahao *Fofombadiko*, E.D. Andriamalala, na *Tsiahy*, Koko Jean Marie).

- Nanana ny ody basiny sy ny mpimasiny izy (*Fofombadiko*, tak. 104) : "*Tsy atahorantsika izay basim-Bazaha fa manana izay Zanaharintsika navelan'ny razana isika, ka aza misy mandehandeha lavitra intsony fa efa ho avy ny ombiasy hanao ody bala ...*".

Efa renareo fa nisy tabataba tany Moramanga, ka niady izao ny Vazaha sy ny Gasy. Izaho izao dia iraky ny Jeneralin'ny Tafika malagasy hamory ny vatan-dehilahy rehetra amin'ny faritra atsinanana. Vonona ny miaramilantsika, nahazo basy, nahazo fiadiana ary tsy izany koa fa ho avy ny Amerikana hanampy antsika".

Itokanono no zanaharin'ny Tafika malagasy. Na i E.D. Andriamalala ao amin'ny *Fofombadikao*, tak. 105, izay milaza fa : "*Tsy nisy nahaizana nanavaka ilay sary na lehilahy izy na vehivavy, fa ny nanaitra voalohany teo am-pijerena azy dia ny fahasahiranan'ilay nisokitra azy, nba hanao izay halharatsy ny endriny araka izay tratry ny sainy*". Io Itokanono io koa dia voalaza ao amin'ny *Tsiahy* (Koko Jean Marie), tak. 121 : "*Ilay vehivavy mpimasy atao hoe Roana dia tsy nahasaraka anay mihitsy. Izy no ilay vehivavy nataon'olona hoe Tokanono ary nalaza ho tsindrian-javatra ka neken'ny maro tokoa. Tsy tokanono velively anefa izy fa sahala amin'ny vehivavy rehetra fa dia nalaza tamin'ny fahasahiany*".

. Nanana ny plan d'attaque mazava. Mot de passe (*Antomboka* 47) tak. 20-21 : - VORONA. - ZOVY - VORONA - AFO sady atselatra ny lampe de poche. Hita ao amin'ny *Mitaraina ny Tany*, tak. 199 : "Lohasaha lemaka sy tena midadasika. Misy lahindrano mandalo eo akaiky. Tsy misy azo lazaina ho trano tsy misy lay. Samy manana ny ataony izy. Ny lehilahy, ao ny mamaky kitay, mamono omby, mandrasa hena, mitsoka tafoforana, manefy, ao ny mihazakazaka sy manazatra tena mitoraka hazo lava. Ny vehivavy, ao ny mitatitra kitay voavaky, mantsaka rano, mahandro, manasa lamba...". Ny isa sy ny fahavononana ary ny finoana no ianteheran'ny Tafika malagasy.

2. Ankilany ny mpanjanatany

- Ny mpitondra fanjakana tarihin'ny sefo distrika, ny miaramila frantsay sy Senegaly, ireo Vazaha voanjo sy mpitondra fivavahana. Nomen'ny Gasy anaram-petaka izy ireny : volonkatsaka, voatabia, lavatsindakana, tapany, (*Mitaraina ny Tany*, tak. 185). Ireo mpitondra fivavahana dia nirotsaka mihitsy

nitana basy, mandeha ny saina amin'ny tsaho sy fampitandremana (jereo *Ravina Maitso*). Maopera frantsay nampitandrina ireo kristiana tarihin'ny : "Tandremonareo fa fahotana mahafaty sy mahavery amin'ny afoobe ny miditra MDRM. Koa izay fantatray fa isany dia tsy mahazo mandray kominio sady tsy avela heloka mihitsy".

Ary fitaovan'ny miaramila frantsay : fiara, basy marovava, raopilanina (zahao *Mitaraina ny Tany, Tsiahy*).

Misy ireo Malagasy mpamadika. Mody mitarika tafika malagasy kanefa mitondra ny vahoaka hihanjahanja hotifirin'ny raopilanina vazaha (jereo *Andriamalala, Fofombadiko*), ilay antsoina hoe "Marolahy". Eo am-pelatanan'ny mpanjanatany ny hery famoretana rehetra. Ananany ny fitaovam-piadiana. Ankoatra izany, miantehitra amin'ny "zarazarao hanjakana" izy.

3. Ny fifandonana

Hoy E.D. Andriamalala ao amin'ny *Fofombadiko* : tak. 78 : "Vazaha efatra na dimy no nisy namono dia hatramin'ny misasakalina ka mandra-paharainan'ny andro, tsy mitsahatra ny poa-basy sy doron'ny trano ho setrin'izany (...). Izay tsy novonoina, nafatratra ohatran'ny kitay tao amin'ny gara tsy misy olom-pady, ka izay mivoaka dia tapitra ny ainy".

tak. 79 : "Faty no miampatrampatra eran'ny tanàna : lehilahy, vehivavy, ankizy madinika (...). Taitra ny hambom-pon-dehilahy teo anoloan'ny mpiray firenena aminy. Feno naripaka ohatra ny valala ka maro no nandray izay sendran'ny tanany hamaly faty, nefa... inona moa no vitan'ny langilangy sy ny antsibe eo anatrehan'ny basimarovava... Izany no nahabetsaka ny maty".

Mba manana ny filazany koa ny Malagasy. Be ihany ny fahavoazan'ny miaramila frantsay araka izay hita ao amin'ny *Mitaraina ny Tany*, tamin'ny fifandonana tao amin'ny Tranoaizina Moramanga.

Misy ireo miaramila malagasy tsy mety maty, toa an-dRamidika. Jereo koa Koko Jean Marie, *Tsiahy* : tak. 68 : "Nahagaga fa tsy betsaka ny maty na dia nifafy tamin'ny olona maro nitangorona aza ny bala". tak. 98 : "Nahagaga ary nahafaly fa tsy voan'ny bala mihitsy ny miaramilany". tak. 80 : "Zazalahy 19 taona, sahy nanatona miaramila frantsay ka nahavoa tora-defona azy tamin'ny handriny nefa tsy voakasiky ny bala mihitsy ilay zazalahy na dia vary raraka aza ny tifitry ny fahavalo".

Famintinana izay hevitra hita tao amin'ireo tantara noforonina na tantara nambaran'ny mpanoratra azy fa tena marina ireo nambara ireo. Azo lazaina ho "akoran-kevitra" iaingana ihany hanampy amin'ny fikarohana ny tena marina. Ny

azo ambara dia izao : ireo fihetseham-po, ireo fitantarana mitondra ny mpamaky hiaina sy ho toy ny manatri-maso ny zava-miseho dia tsy ho hita any amin'ny gazety na tahirin-tsoratra samihafa ka na dia tsy hitompoana teny fa marina aza ireny, mba misy hosaintsinina ihany fa "ny valala hono misy, ny mpilaza mahay rahateo". Anjarantsika rehetra ny mandanjalanja izay voambara ho fanorenana ny tantara.

BOKY NANOVOZAN-KEVITRA

- ANDRIANKOTO A., *Raki-tsoratra momba ny Olomangan' Antsihanaka*, 1960, 12 p.
- ANDRIAMALALA E.D., *Fofonbadiko*, Tananarive, Harem-pirenena, 1967, 230 p.
- ANDRY ANDRAINA, *Mitaraina ny Tany*, Antananarivo, MFZR, 1997, 258 p.
- HARISOA A., *Antomboka 1947*, Ny Ombalahy, 1978, 102 p.
- KOKO J.M., *Tsiahy*, Antananarivo MFZR, 1982, 158 p.
- Ministeran'ny Fanolokoloana sy ny Zava-Kanto Revolisionera, *Tononkalo fahatsiarovana ny faha-35 taonan'ny MDRM*, Antananarivo, 1985, 40 p.
- RAKOTOMALALA J., *Zava-miafin'ny 29 marsa 1947*, Tananarive, I.F.M., 1971, 118 p.
- RAKOTOMALALA J., *Zava-miafin'ny 29 marsa 1947*. Boky faharoa, Tananarive I.F.M., 1994, 64 p.
- RAKOTONIAINA, *Ny marina momba ny Vagaon'i Moramanga*, 1967, 105 p.
- RALAITAFIKA P. S., *Tahirin'Antsihanaka*, Tantara marina mampirotsa-dranomaso tao Ambatondrazaka, Antananarivo, Imp. Takariva, 1976, 88 p.
- RALIJAONA C., *Gologota 47 na Wagon Moramanga*, Tananarive, Imprimerie de Madagascar, 1967, 22 p.
- RAMIDIKA na Ilay Jeneraly tsy mety maty, Antananarivo, Printy manokan'ny gazety Telonohorefy, 1978, 156 p.
- RANDRIATSILAHY, *Ravina Maitso*, Sora-tànana tsy misy daty.

RATSIFANDRIHAMANANA C., *Salohy*, Antananarivo, 1970, 130 p.

RASAMOELINA H.L., *Ny tranomaizina MDRM, 1947-1956*, Toamasina, Antsihanaka, Antananarivo, Printy Hehy, 1979, 112 p.

RESUME

A partir de romans malgaches et de témoignages, apportés par des écrivains, l'auteur analyse les causes des événements (ce que les Malgaches ne pouvaient plus supporter, les manoeuvres entreprises pour diviser les Malgaches), les forces en présence, le nationalisme qui animait les Malgaches, de manière unanime, au lendemain de la Seconde Guerre mondiale. Il termine en remarquant que beaucoup de Malgaches sont morts, du fait que les armes performantes se trouvent du côté des colonisateurs mais que les premiers ont brillé par leur courage. Les différents écrits considèrent les "événements" comme une provocation organisée par les Français.